malgache

# La famille est au cœur de l'Évangile de Jésus-Christ

Par Dallin H. Oaks
*Président du Collège des douze apôtres*

# Ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy izay mifototra amin'ny fianakaviana

Nataon'ny Filoha Dallin H. Oaks
*Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

Conférence générale d'octobre 2025

---

*Notre doctrine et notre croyance en la famille éternelle nous fortifient et nous lient les uns aux autres.*

*Mampatanjaka sy mampifamatotra antsika ny fotopampianarantsika sy ny finoantsika ny maha mandrakizay ny fianakaviana.*

Mes frères et sœurs aimants, je vous remercie de vos prières en ma faveur. Je les ai ressenties.

Ry rahalahy sy anabaviko tiako isany, misaotra anareo noho ny vavaka ataonareo ho ahy. Tsapako ireny.

## I.

La doctrine de l'Église de Jésus-Christ des Saints des Derniers Jours est centrée sur la famille. Le temple est essentiel à notre doctrine sur la famille. Les ordonnances que nous y recevons nous permettent de retourner en la présence de notre Père céleste au sein d'une famille éternelle.

À l'issue de la conférence générale d'avril 2025, Russell M. Nelson avait annoncé la construction de 200 nouveaux temples. Il aimait beaucoup annoncer de nouveaux temples à la fin de chaque conférence générale et nous nous réjouissions tous avec lui. Cependant, étant donné le grand nombre de temples qui sont actuellement aux tout premiers stades de planification et de construction, il convient de ralentir le rythme des annonces de nouveaux temples. Par conséquent, avec l'accord du Collège des douze apôtres, nous n'annoncerons aucun nouveau temple lors de cette conférence. Nous poursuivrons la mise à disposition des ordonnances du temple aux membres de l'Église dans le monde entier, y compris en annonçant quand et où seront construits de nouveaux temples.

## I.

Mifototra amin'ny fianakaviana ny fotopampianaran' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Zava-dehibe eo amin'ny fotopampianarantsika momba ny fianakaviana ny Tempoly Manome fahafahana antsika hiverina eo anatrehan'ny Raintsika any An-danitra amin'ny maha fianakaviana mandrakizay antsika ireo ôrdônansy raisina any.

Nampahafantatra fanorenana tempoly vaovao miisa 200 ny Filoha Russell M. Nelson hatramin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tamin'ny aprily 2025. Tiany ny nanambara tempoly vaovao tamin'ny fiafaran'ny fihaonamben'ny fiangonana tsirairay, ary niara-nifaly taminy isika. Kanefa noho ny hamaroan'ny tempoly ankehitriny izay ao anatin'ny dingana voalohany eo amin'ny fikasana hanorina sy hanangana dia tsara raha manena kely ny hafainganam-pandehantsika isika amin'ny fanambarana tempoly vaovao. Noho izany, refaha nankatoavin'ny Kôlejin'ny Roambinifololahy dia tsy hanambara tempoly vaovao izahay mandritra ity fihaonambe ity. Ankehitriny isika hiroso amin'ny fanolorana ireo ôrdônansin'ny tempoly ho an'ireo mpikamban'ny Fiangonana manerana izao tontolo izao, tafiditra ao anatin'izany ny fotoana sy ny toerana hanambarana ny fanorenana

Cette partie de mon discours, que je viens de prononcer, a été écrite après le décès de notre président bien-aimé, Russell M. Nelson. Ce qui suit a été écrit et approuvé des semaines auparavant, mais reflète toujours mes enseignements, tels que le Seigneur me les a inspirés.

ireo tempoly vaovao.

Ny ampahan'ny lahateniko izay vao avy nozaraiko taminareo teo dia nosoratana taorian'ny fahalasanan'ny Filoha Russell M. Nelson malalantsika. Izao manaraka izao dia nosoratana sy nankatoavina herinandro maromaro mialoha, kanefa mbola maneho ireo fampianarako izay avy amin'ny fitaomam-panahin'ny Tompo.

## II.

Ladéclaration sur la famille, présentée il y a trente ans, affirme que « la famille est ordonnée de Dieu » et qu'elle « est essentielle au plan du Créateur pour la destinée éternelle de ses enfants ». Elle souligne « que le commandement que Dieu a donné à ses enfants de multiplier et de remplir la terre reste en vigueur », et précise : « Nous déclarons également que Dieu a ordonné que les pouvoirs sacrés de procréation ne doivent être employés qu'entre l'homme et la femme, légitimement mariés. » Comme le président Nelson l'a enseigné à un auditoire de l'université Brigham Young, alors qu'il était membre du Collège des Douze : la famille est « essentielle au plan de Dieu. […] En fait, l'un des objectifs du plan est d'exalter la famille».

L'Église de Jésus-Christ est parfois mentionnée comme une Église centrée sur la famille. C'est la vérité ! Notre relation avec Dieu et le but de la condition mortelle nous sont expliqués à travers le prisme de la famille. L'Évangile de Jésus-Christ est le plan de notre Père céleste pour le bien de ses enfants d'esprit. Il est juste de dire que le plan de l'Évangile nous a été révélé lors du conseil d'une famille éternelle, qu'il est mis en œuvre par l'intermédiaire de notre famille dans la condition mortelle et qu'il est destiné à exalter les enfants de Dieu dans des familles éternelles.

## II.

Nyfanambarana momba ny fianakaviananambara 30 taona lasa izay, dia manambara fa "ny fianakaviana dia tendrin' Andriamanitra" ary "fototry ny drafitry ny Mpahary ho an'ny anjara mandrakizain'ny zanany". Manambara koa izany "fa ny didin' Andriamanitra ho an'ny zanany mba hitombo ka hameno ny tany dia mbola manan-kery". Ary "ambaranay ihany koa fa Andriamanitra dia nandidy fa ny lehilahy sy ny vehivavy nivady ara-dalàna ihany no tokony hampiasa ny fahefana masin'ny fananahana."Araka ny nampianarin'ny Loholona Russell M. Nelson tamin'izany, tamin'ireo mpanatrika tao amin'ny Oniversite Brigham Young, ny fianakaviana dia "fototry ny drafitr' Andriamanitra. … Raha ny marina dia isan'ny tanjon'ilay drafitra ny hanandratra ny fianakaviana."

Indraindray Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy dia fantatra amin'ny hoe fiangonana mifototra amin'ny fianakaviana. Izay mihitsy! Amin'ny alalan'ny fianakaviana no anazavana ny fifandraisantsika amin' Andriamanitra sy ny tanjon'ny fiainantsika ety an-tany. Ny filazantsaran'i Jesoa Kristy no drafitry ny Raintsika any An-danitra ho tombontsoan'ny zanany ara-panahy. Afaka milaza mihitsy isika fa nandritra ilay filankevitry ny fianakaviana mandrakizay no nampianarana antsika voalohany ny drafitry ny filazantsara; amin'ny alalan'ny fianakaviantsika ety an-tany no ampiharana izany; ary ny hanandratana ny zanak' Andriamanitra rehetra ao anatin'ny fiainakaviana mandrakizay no tanjona natao hiafaran'izany.

## III.

Malgré ce contexte doctrinal, il y a de l'opposition. Aux États-Unis, nous connaissons une baisse préoccupante du nombre de mariages et de naissances. Depuis près de cent ans, la proportion de ménages dirigés par des couples mariés a diminué, de même que le taux de natalité.

## III.

Na dia eo aza io sahan-kevitra ara-potopampianarana io, dia misy ny fanoherana. Isika aty Etazonia dia ampahorian'ny fitotonganana eo amin'ny fanambadiana sy ny fananana anaka. Saika ho an-jato taonany izay no nitotonganan'ny isan'ny tokantrano misy mpivady, ary torak'izany

Les taux de mariages et de naissances parmi les membres de l'Église sont bien plus élevés, mais ils ont également baissé de manière significative. Il est essentiel que les saints des derniers jours ne perdent pas de vue le but du mariage et l'importance des enfants. C'est l'avenir que nous nous efforçons de bâtir. Comme le président Nelson nous l'a enseigné : « L'exaltation est une affaire de famille. Ce n'est que par les ordonnances salvatrices de l'Évangile de Jésus-Christ que les familles peuvent être exaltées. »

Le déclin national du nombre de mariages et de la natalité est compréhensible pour des raisons historiques. Toutefois, les valeurs et les pratiques des saints des derniers jours doivent améliorer ces tendances, et non les suivre.

Dans mon adolescence, il y a quatre-vingts ans, je vivais dans la ferme de mes grands-parents. La quasi-totalité des événements de la journée était dirigée par la famille. Il n'y avait pas de télévision ni d'appareils électroniques pour détourner l'attention des activités familiales. Dans la société urbaine d'aujourd'hui, peu de membres font régulièrement des activités centrées sur la famille. La vie urbaine, les moyens de transport modernes, les loisirs organisés et la communication à haut débit ont permis à nos jeunes de transformer leur foyer en pension de famille où ils dorment et mangent de temps en temps, mais où l'encadrement parental de leurs activités a fortement diminué.

De plus, l'influence des parents a été diluée par la façon dont la plupart des membres actuels de l'Église gagnent leur vie. Auparavant, l'une des grandes influences qui unissaient la famille était la lutte commune dans la poursuite d'un même objectif, comme apprivoiser l'environnement sauvage ou subvenir à ses besoins. La famille était uneunité de production économiqueorganisée et dirigée. Aujourd'hui, la plupart des familles sont desunités de consommation économique, ce qui ne nécessite pas un haut degré d'organisation et de coopération au sein du foyer.

koa ny tahan'ny fahaterahana. Tsara lavitra noho izany ny tahan'ny fanambadiana sy ny tahan'ny fahaterahana eo anivon'ireo mpikamban'ny Fiangonantsika, saingy nitotongana izaitsizy koa izany. Zava-dehibe tokoa ny tsy hamerezan'ny Olomasin'ny Andro Farany ny fahatakarany momba ny tanjon'ny fanambadiana sy ny lanjan'ny zanaka. Izany no hoavy izay ilofosantsika. "Raharahan'ny mpianakavy ny fisandratana" hoy ny nampianarin'ny Filoha Neslon antsika. "Amin'ny alalan'ireo ôrdônansin'ny famonjena ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy irery ihany no hahafahana manandratra ny fianakaviana".

Mora azo ny antony ara-tantara mahatonga ny fitotongan'ny fanambadiana sy ny fanana anaka, saingy ny soatoavina sy ny fomba amam-panaon'ny Olomasin'ny Andro Farany dia tokony hanatsara fa tsy hanaraka ireny fironana ireny.

Fony aho zatovolahy, 80 taona lasa izay, dia nipetraka tany amin'ny toeram-piompian'ny ray aman-drenibeko aho. Tany ny zava-drehetra nitranga manontolo andro dia teo ambany fitarihan'ny fianakaviana. Tsy nisy fahitalavitra na fitaovana elektrônika hafa nanelingelina ny fiaraha-mientan'ny mpianakavy. Mifanohitra amin'izany kosa anefa, eo amin'ny fiarahamonina an-drenivohitra ankehitriny dia vitsy ireo mpikambana no miaina izany hoe fiaraha-mientana mifototra tsy tapaka amin'ny fianakaviana izany. Ny fiainana an-drenivohitra sy ny fitaterana maoderina, ny fialamboly voarindra sy ny fampitam-baovao haingam-pandeha dia nanamora ny fanaovan'ny tanora ny fonenany ho toa an'ny trano fampiantranoam-bahiny izay fatoriany sy fisakafoanany tsindraindray kanefa kely dia kely ny fitarihan'ny ray aman-dreny ny zavatra ataon'izy ireo.

Nihanalefaka ihany koa ny hery mitaona ananan'ny ray aman-dreny noho ny fomba fitadiavam-bola ataon'ireo mpikamban'ny Fiangonana maro amin'izao fotoana izao. Taloha dia anisan'ireo hery mitaona lehibe izay nampiray hina ny fianakaviana ny fiainana ny fiaraha-miafy mba hanatrarana tanjona iraisana, toa ny fanajariana tany ngazana ho lasa toeram-piompiana na hahazoana fidiram-bola. Taloha ny fianakaviana diarantsa-mangaikan'ny famokarana ara-toekarenaizay voarindra sy nanaraka lamina. Ankehitry kosa ny ankabeazan'ny fianakaviana diarantsa-mangaikan'ny fandaniana ara-toekarena, izay tsy mitaky fifandaminana na fiaraha-miasa lehibe

eo amin'ny mpianakavy.

## IV.

Même si l'influence des parents diminue, les saints des derniers jours ont toujours la responsabilité confiée par Dieu d'enseigner à leurs enfants à se préparer pour leur destinée familiale dans l'éternité (voirDoctrine et Alliances 68:25). Beaucoup d'entre nous s'acquittent de cette responsabilité dans des familles qui ne sont pas traditionnelles. Le divorce, la mort et la séparation sont des réalités. C'était le cas pour la famille dans laquelle j'ai grandi.

Mon père est décédé quand j'avais sept ans. Mon frère cadet, ma sœur et moi avons été élevés par une mère veuve. Dans des situations particulièrement difficiles, elle a persévéré. Elle était seule et brisée, mais, avec l'aide du Seigneur, son enseignement puissant de la doctrine de l'Église rétablie nous a guidés. Elle a tant prié pour recevoir l'aide divine afin d'élever ses enfants, et elle a été bénie ! Nous avons été élevés dans un foyer heureux dans lequel la mémoire de notre défunt père décédé a toujours été présente. Elle nous a enseigné que nous avions un père et qu'elle avait un mari, et que nous serions toujours une famille grâce à leur mariage au temple. Notre père était absent temporairement, parce que le Seigneur l'avait appelé à une autre tâche.

Je sais que beaucoup de familles ne sont pas aussi heureuses, mais chaque mère seule peut parler de l'amour de notre Père céleste et des bénédictions qui découlent du mariage au temple. Vous le pouvez aussi ! Le plan de notre Père céleste garantit cette possibilité à tout le monde. Nous sommes tous reconnaissants pour le mariage au temple et pour les bénédictions associées au scellement en famille éternelle. Comme ma mère, nous aimons citer la promesse de Léhi à son fils Jacob : Dieu « consacrera [nos] afflictions à [notre] avantage » (2 Néphi 2:2). C'est vrai pour toutes les familles de saints des derniers jours, qu'elles soient complètes ou temporairement incomplètes. Nous sommes une Église centrée sur la famille.

## IV.

Eo anatrehan'ny fihenan'ny hery mitaona ananan'ny ray aman-dreny, ireo Olomasin'ny Andro Farany dia mbola manana andraikitra natolotr' Andriamanitra mba hampianatra ny zanak'izy ireo hiomana ho amin'ny anjara mandrakizain'ny fianakaviantsika any amin'ny fiainana mandrakizay (jereo nyFotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:25). Maro amintsika no tsy maintsy manao an'izany na dia tsy ny fianakaviantsika rehetra aza no manaraka ilay rafitra nentim-paharazana. Zava-misy ny fisaraham-panambadiana sy ny fahafatesana ary ny fisarahan-toerana. Niaina izany aho tao amin'ny fianakaviana nanabeazana ahy.

Maty ny raiko fony aho fito taona ka reny mpitondratena no nitaiza ahy sy ilay zandriko lahy ary ilay zandriko vavy. Nandroso hatrany izy tao anatin'ireo toe-javatra faran'izay sarotra. Irery sy trotraka izy kanefa noho ny fanampian'ny Tompo dia nitarika anay ny fampianarany tamin'ny fomba mahery vaika ny fotopampianaran'ny Fiangonana naverina tamin'ny laoniny. Nivavaka mafy izy mba hahazo fanampiana avy an-danitra tamin'ny fanabeazana ireo zanany ary voatahy izy! Nobeazina tao amin'ny fianakaviana sambatra iray izay maty ray izahay. Nampianariny anay fa nanan-dray izahay ary nanana vady izy ary ho fianakaviana iray foana izahay noho ny fanambadian'izy ireo tany amin'ny tempoly. Tsy teo vetivety ny rainay satria nantsoin'ny Tompo hanao asa iray hafa izy.

Fantatro fa fianakaviana maro hafa no tsy sambatra firy, kanefa ny reny tsirairay avy dia afaka mampianatra momba ny fitiavan'ny Ray any An-danitra iray sy ireo fitahiana azo amin'ny farany noho ny fanambadiana any amin'ny tempoly. Vitanao koa izany! Manome antoka ny fahatanterahan'izany amin'ny olon-drehetra ny drafitry ny Ray any An-danitra. Velom-pankasitrahana isika rehetra ny amin'ny fanambadiana any amin'ny tempoly sy ireo fitahiana ho azo avy amin'ny famehezana ho fianakaviana mandrakizay. Tahaka an'ilay reniko, dia tiantsika ny mindrana ilay fampanantenana nataon'i Lehia tamin'i Jakôba zanany lahy izay milaza fa Andriamanitra dia "hanokana ny fahorianao ho tombontsoanao" (2 Nefia 2:2). Mihatra amin'ny fianakaviana Olomasin'ny Andro Farany rehetra izany, na feno ilay fianakaviana ankehitriny na

Notre doctrine et notre croyance en la famille éternelle nous fortifient et nous lient les uns aux autres. Je n'oublierai jamais la promesse de mon grand-père maternel, du côté Harris, quand nous, les enfants, vivions dans sa ferme près de Payson, en Utah (États-Unis). Il m'a annoncé la nouvelle tragique du décès de mon père, qui se trouvait alors dans la lointaine ville de Denver (Colorado, États-Unis). J'ai couru dans la chambre et je me suis agenouillé près du lit, pleurant toutes les larmes de mon corps. Mon grand-père m'a suivi, s'est agenouillé à côté de moi et a dit : « Je serai ton père. » Cette douce promesse est un exemple éloquent de ce que les grands-parents peuvent faire lorsque les familles perdent un membre.

Les parents, célibataires ou mariés, et les personnes qui remplissent ce rôle, comme les grands-parents, sont les maîtres pédagogues. Ils enseignent avant tout par l'exemple. Le cercle familial est l'endroit idéal pour illustrer et apprendre les valeurs éternelles, telles que l'importance du mariage et des enfants, le but de la vie et la véritable source de joie. C'est aussi le meilleur endroit pour apprendre d'autres principes essentiels, comme la gentillesse, le pardon, la maîtrise de soi, et la valeur de l'instruction et du travail honnête.

Bien sûr, dans la famille de beaucoup de membres de l'Église, il y a des êtres chers qui n'adhèrent pas aux valeurs et aux attentes de l'Évangile. Ils ont besoin de notre amour et de notre patience. Dans nos échanges, rappelons-nous que la perfection que nous recherchons ne se limite pas aux situations stressantes de la condition mortelle. Le grand enseignement contenu dansDoctrine et Alliances 138:57-59nous assure que le repentir et la progression spirituelle continuent dans le monde des esprits, après la condition mortelle. Plus important encore, dans l'unité de nos familles, nous devrions tous nous souvenir que les péchés et les faiblesses inévitables, présents dans la condition mortelle, peuvent être pardonnés par le repentir, grâce à l'expiation glorieuse et salvatrice de Jésus-Christ.

tsia. Fiangonana miompana amin'ny fianakaviana isika.

Mampatanjaka sy mampifamatotra antsika ny fotopampianarantsika sy ny finoantsika ny maha mandrakizay ny fianakaviana. Tsy ho adinoiko na oviana na oviana ny fampanantenan'i Dadabe Harris, raibe avy amin'ny reniko fony izahay ankizy nipetraka tao amin'ny toeram-piompiany teo akaikin'i Payson, Utah. Nanambara vaovao nampahaleho tamiko izy, fa hoe maty tany Denver, Colorado lavitra be tany ny raiko. Nihazakazaka nankao amin'ny efitrano fatoriako aho ary nandohalika teo akaikin'ny fandrianako, nigogogogo aok'izany. Nanaraka ahy ny raibeko dia nandohalika teo akaikiko izy sady niteny hoe: "Ho rainao aho". Io fampanantenana mamy io no ohatra mahery vaika amin'ny zavatra azon'ny raibe sy renibe atao mba hamenoana ny banga rehefa maty na tsy eo ny olona iray ao amin'ny fianakaviana.

Ny ray aman-dreny, na tokan-tena na manam-bady, na ny olon-kafa toa ny raiamandrenibe izay mitana izany anjara toerana izany ho an'ny ankizy, no mpampianatra lehibe. Ny ohatra asehon'izy ireo no fampianarana mahomby indrindra omen'izy ireo. Ny rafitry ny fianakaviana no toerana tsara indrindra hampisehoana sy hianarana soatoavina toa ny maha-zava-dehibe ny fanambadiana sy ny zanaka, ny tanjon'ny fiainana, ary ny tena loharanon'ny fifaliana. Io ihany koa no toerana tsara indrindra hianarana lesona manan-danja hafa eo amin'ny fiainana, toa ny hatsaram-panahy, ny famelan-keloka, ny fifehezan-tena ary ny lanjan'ny fandrantoana fianarana sy ny asa atao amim-pahamarinan-toetra.

Mazava ho azy fa maro ireo mpikamban'ny Fiangonana manana hava-tiana izay tsy manaiky ireo soatoavina sy fitsipika mila arahina ao amin'ny filazantsara. Ny mpikambana toa izany dia mila ny fitiavantsika sy ny faharetantsika. Eo amin'ny fifandraisantsika samy isika, isika dia tokony hahatsiaro fa ny fahalavorariana katsahantsika dia tsy voafetran'ireo toe-javatra mahaketraka eto amin'ny fiainana an-tany. Ilay fampianarana lehibe ao amin'nyFotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:57–59dia manome toky antsika fa ny fibebahana sy ny fivoarana ara-panahy dia afaka mitohy any amin'ny tontolon'ny fanahy izay any aorian'ny fiainana an-tany. Manan-danja kokoa noho izany, rehefa miray hina ny fianakaviana mba hifankahery, dia tokony hotsarovantsika rehetra fa ireo fahotana

sy ireo fahalemena tsy azo ihodivirana izay manjo antsika rehetra eto an-tany dia afaka ny ho voavela amin'ny alalan'ny fibebahana noho ilay Sorompanavotana be voninahitra sy manavotra nataon'i Jesoa Kristy.

V.

Notre Sauveur, Jésus-Christ, est notre modèle suprême. Nous serons bénis si nous prenons exemple sur ses enseignements et son abnégation. Le meilleur remède à l'égoïsme et à l'individualisme, qui semblent si communs aujourd'hui, est de suivre le Christ et de nous consacrer au service.

En plus des principes de l'Évangile, les parents ont également le devoir de transmettre à leurs enfants des connaissances pratiques. L'unité entre les membres de la famille grandit quand ils accomplissent ensemble des choses importantes. L'entretien d'un potager familial renforce les relations familiales. Les bonnes expériences en famille renforcent les liens. Le camping, les activités sportives et les activités récréatives favorisent l'unité de la famille. Les familles doivent organiser des réunions de famille en mémoire de leurs ancêtres, ce qui mène au temple.

Les parents doivent enseigner aux enfants les compétences de base, notamment le travail dans le jardin et à la maison. L'apprentissage des langues est une préparation utile au service missionnaire et à la vie moderne. Les parents, les grands-parents ou les membres de la famille élargie peuvent servir d'instructeurs. La famille s'épanouit lorsqu'elle apprend ensemble et tient conseil sur tous les sujets qui la concernent, elle et ses membres.

Certains diront : « Nous n'avons pas le temps. » Afin d'avoir le temps de faire ce qui en vaut la peine, beaucoup de parents s'apercevront que, pouréveillerl'intérêt de leurs enfants, ils doivent mettre la technologieen veille. Parents, souvenez-vous quece que ces enfants veulent vraiment pour le dîner, c'est du temps avec vous.

De grandes bénédictions sont accordées aux

V.

I Jesoa Kristy Mpamonjy antsika no ohatra faratampony ho antsika. Hotahiana isika raha mampifanaraka ny fiainantsika amin'ireo fampianarany sy ny fahafoizan-tenany. Ny fanarahana an'i Kristy sy ny fanolorana ny tenantsika mba hifanompo no fanafan'ny fitiavan-tena sy ny fiolonolonana izay toa fanao matetika loatra ankehitriny.

Ny ray aman-dreny koa dia manana adidy hampita fahalalana hoentina miatrika ny fiainana ankoatra an'ireo fitsipika ao amin'ny filazantsara. Miray hina ny fianakaviana rehefa manao zavatra manan-danja miaraka izy ireo. Manorina ny fifandraisan'ny mpianakavy ny saha volen'ny mpianakavy. Manamafy fifamatoran'ny mpianakavy ny zavatra mahafaly iainan'ny fianakaviana. Ny lasy sy ny hetsika ara-panatanjahantena ary ny fialamboly hafa dia manan-danja manokana amin'ny fampifandraisana ny fianakaviana. Ny fianakaviana dia tokony hanao fivoriam-pianakaviana mba hahatsiarovana ireo razambe, izay mitarika mankany amin'ny tempoly.

Ny ray aman-dreny dia tokony hampianatra ny zanaka ireo fahaiza-miaina fototra; anisan'izany ny fanaovan-draharaha eny an-tokontany sy ny fanaovan-draharaha ao an-trano. Ny fianarana fiteny hafa dia fiomanana ilaina ho an'ny asa fitoriana sy ny fiainana amin'izao vaninandro maoderina izao. Afaka hoe ny ray aman-dreny na ray aman-drenibe na havana lavitra no mampianatra an'ireo taranja ireo. Miroborobo ny fianakaviana rehefa miara-mivondrona mianatra sy miara-mikaon-doha amin'ny zavatra rehetra manahirana ny fianakaviana sy ny olona ao aminy.

Mety hisy hilaza hoe: "Ka tsy manam-potoana ho an'izany rehetra izany izahay". Mba hahitana fotoana hanaovana ny zavatra tena manan-danja dia ray aman-dreny maro no hahita fa afakamandefany fianakaviany izy ireo raha toa izy ireo kamamonony fitaovana ara-teknôlôjian'izy ireo. Ary tsarovy ry ray aman-dreny fany zavatra tena ilain'ireo ankizy ireo mandritra ny sakafo hariva dia ny fotoana miaraka aminareo.

Fitahiana lehibe no tonga amin'ny fianaka-

familles qui prient ensemble, à genoux, soir et matin, afin de rendre grâce pour leurs bénédictions et d'exposer au Seigneur leurs préoccupations communes. Les familles sont également bénies lorsqu'elles adorent Dieu ensemble lors des réunions de l'Église et dans d'autres contextes spirituels. Les liens familiaux sont renforcés par les histoires familiales, la création de traditions familiales et la transmission d'expériences sacrées. Spencer W. Kimball nous a rappelé que « les histoires édifiantes de notre vie et de celle de nos ancêtres [...] sont des outils pédagogiques puissants». Elles sont souvent les meilleures sources d'inspiration pour notre postérité et pour nous.

Je témoigne du Seigneur Jésus-Christ, le Fils unique de Dieu, notre Père éternel. Il nous invite à suivre le chemin des alliances qui mène à une réunion de famille céleste. Les pouvoirs de scellement de la prêtrise, dirigés par les clés rétablies dans le temple de Kirtland, unissent les familles pour l'éternité (voirDoctrine et Alliances 110:13-16). Ils sont exercés dans un nombre croissant de temples du Seigneur à travers le monde. C'est la réalité. Puissions-nous tous jouer notre rôle, c'est là ma prière, au nom de Jésus-Christ. Amen.

viana rehefa miara-mivavaka sy mandohalika amin'ny alina sy amin'ny maraina izy ireo mba hanolotra fisaorana noho ireo fitahiana sy mivavaka mba handresy olana iraisana. Voatahy ihany koa ny fianakaviana rehefa miara-mitsaoka mandritra ny fivoriam-bavaka sy ireo sehatra hafa misy fampaherezam-panahy. Manamafy orina ny fifandraisan'ny mpianakavy ihany koa ny tantaram-pianakaviana, ny famoronana fomba amam-panao ho an'ny fianakaviana ary ny fizarana traikefa masina. Nampahatsiahy antsika ny Filoha Spencer W. Kimball fa "ireo tantara manentana ny fanahy avy amin'ny fiainantsika manokana sy ny an'ireo razambentsika … dia fitaovam-pampianarana mahery vaika".Matetika izy ireny no loharanom-pitaomam-panahy tsara indrindra ho antsika sy ny taranatsika.

Mijoro ho vavolombelona aho ny amin'i Jesoa Kristy Tompo izay Zanaka Lahitokan' Andriamanitra Raintsika Mandrakizay. Manasa antsika Izy hanaraka ny lalan'ny fanekempihavanana izay mitarika ho amin'ny fihaonan'ny fianakaviana any an-danitra. Ny herin'ny famehezan'ny fisoronana, tantanan'ireo fanalahidy naverina tamin'ny laoniny tao amin'ny Tempolin'i Kirtland no mampiray ireo fianakaviana ho mandrakizay (jereo ny ,Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:13-16). Mitombo tsy ankijanona ankehitriny ny fampiasana azy ireo ao amin'ireo tempolin'ny Tompo manerana izao tontolo izao. Tena misy izany. Andeha isika handray anjara amin'izany. Izany no vavaka ataoko amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.